“ Ny Fikambanan-drelijiozy kely- nareo dia hitondra ny anarana hoe “***I***raky ny Fitiavana » izay midika hoe:
“ Irak’Andriamanitra” satria “Andriamanitra dia fitiavana” «Deus Charitas est» ary midika hoe: irak’i Jesoa Kristy satria i Jesoa Kristy dia Andriamanitra sy Fitiavana: midika hoe mpitory ny evanjely sy mpanompon’ny mahantra, satria ao amin’ireo mahantra no anompoanareo sy ankaherezanareo ary hitorianareo an’i Jesoa Kristy.
Fa io fitiavana avy amin’Andiamanitra io dia tokony hanomboka ao aminareo aloha, hananareo ary hiainanareo raha tianareo ny hanome sy hitondra azy amin’ny hafa.”
(18.8.1921; Soratra 65,248)

“« Ô ry Misioneran’ny Fitiavana, ny tanan’Andriamanitra no niantso anareo mba hizara ny fitiavana ao am-pon’ireo marary sy nilaozana! Firifiry moa ny asa soa iantsoana anareo mba hizara ny fitiavana sy hampitombo azy… mandehana mitory ny fitiavan’i Jesoa Kristy amin’ny teny sy ny asanareo, manaova sakrifisy ary ataovy sorona ny fiainanareo…”[1].

Amin’ireo tenin-dRay nataon’i Mompera Orione ireo no ahitantsika ny famintinana ny anton’ny fisiantsika amin’ny maha- Masera Madinika Iraky ny Fitiavana antsika ao amin’ny Fiangonana sy izao tontolo izao. Amin’io « logo » - ny faha-100 taona io dia navoitra mamirapiratra avy eo amin’ny Lakroan’i Jesoa ny fitiavan’Andriamanitra izay mivelatra amin’ny alalan’ny fiainantsika, eo am-pelantanantsika, amin’ny asam-pamindra-po ataontsika ka mameno voka-tsoa ny fiangonana. Ny Fitiavana no fitaovana ampiasaintsika hitsaboana sy hanambatambazana ireo marary, amin’ny alalany no hitoriana ny evanjely sy hisokafana ary hiombonana amin’izao tontolo izao, amin’ny alalany koa no itiavana sy anompoana an’i Kristy ao amin’ireo mahantra ary hahatsapan’izy ireo ny fitiavan’i Kristy sy ny maha-reny ny Fiangonana.
Ny Lakroa, famantarana ny Fitiavan’Andriamanitra, amin’ny alalan’ny fatoram-pitiavana izy no mamihina sy manafy ny olona, ary mitarika sy manoro azy amin’ny asa izay miely sy misokatra amin’izao tontolo izao. Ny tanana dia manambara ny olona izay mankasitraka ny fitiavana ao aminy ary mahatsapa fa voatantana sy tohanan’ny finoana, ka afaka manolon-tena ho fitaovana ampiasain’ny fitiava-namana an-kahalalahana. Ny firaisan’ny Asan’andriamanitra Fitiavana sy ny olombelona dia miteraka tsimoka sy vokatra … mamokatra fiainam-abaovao.

Ny logo dia nataon’i Letizia D’Ubaldo sy Emanuela Cafarelli, Mariaclara Masi.

[1] Costituzioni delle PSMC, Art. 41; Don Orione 5-8-1932